# ALAHADY FAHA 16 MANDAVANTAONA – A



*MAHANDRY ANDRIAMANITRA ARY MAMINDRA FO*

Ry Kristianina havana, efa manakaiky dia manakaiky tokoa ny fankalazantsika ny JMJ eto amin'ny diosezy ka izao indrindra no fotoana tsy maintsy anaovantsika vavaka totoafo mba hihavao tokoa ny fo amam-panahintsika fa indrindra ny fon'ny tanora ka ho lavitra ireny herisetra, ireny toetra hetraketraka ireny sanatria fa mba ho toetra manambara halemem-panahy, manambara fahatsoram-po ka ho sambatra isika ho tonga diosezy maintso, ho diosezy feno fanantenana ny hoavy izay androany fa tsy rahampitso. Sambatra isika raha manana tanora malemy fanahy sy miaro ity tranobe iombonantsika ity ka hamokatra be.TARANAKA MANORONA FA TSY SANATRIA TARANANA MANDRODANA

Amin'izao Alahady faha 16 mandavantaona izao dia mampianatra antsika ny tenin'Andriamanitra manambara fa Andriamanitra maharitra tokoa izy, mamindra fo, mahandry, tsy mivadika amin'ny fanekeny. Ray mpamindra fo Andriamanitra, izy no mitondra antsika amin'ny fiainana feno famindram-po.

**Vakiteny I :** Fah. 12, 13. 16-19
**Tononkira :** Salamo 85
**Vakiteny II :** Rôm. 8, 26-27
**Evanjely :** Mt. 13, 24-43

Ambaran'ny vakiteny voalohany "*Tsy misy Andriamanitra hafa afa-tsy Ianao ihany, izay mitandrina ny zavatra rehetra, mba hahenoana fa tsy manao fitsarà-mitanila Ianao. Fa ny fahefanao dia fanorenan'ny fahamarinana: ary noho Ianao Tompon'ny olona rehetra, no itondrànao azy rehetra amim-pamindram-po*"

Azo lazaina izany fa izao Alahady izao hanambarantsika fa Ray ny Andriamanintsika ary tsy misy miafiana aminy ny momba antsika, Ray be fitiavana sy famindram-po izy ary indrindra tsy manana fitsara mitanila, ny hahasoa antsika no tadiaviny, aoka ary hahatoky azy isika. Izany no tian'i Jesoa ambara momba ny fanoharana mikasika ny ahi-dratsy sy ny voatsara ao amin'ny Evanjely ka anoharan'i Jesoa momba ny fanjakan'ny lanitra.

Ny fanjakan'ny lanitra ambaran'i Jesoa io dia ny fiainantsika andavanandro, ny fontsika izay miara-mitsiry ao ny ahi-dratsy sy ny vary ka hoy Jesoa "Avelao hiara-hitsiry ka rehefa tonga ny fotoana fijinjana dia hisongadina ny vary ka atsipy any amin'ny afo mamahivay ireny ahi-dratsy ireny".

Araraoty àry ny fotoana fiomanantsika amin'ny JMJ izao mba hibebahana ka hahafahana miala amin'ireny fiainana ratsy ireny ary dia izay indrindra no anaovako antso avo fa indrindra ho an'ny tanora ; Araraotintsika izao fiomanana akaiky ny JMJ indrindra ho an'izay mbola tsy tonga saina dia làlana lehibe iombonana amin'i Jesoa, iombonana amin'ny mpiara-belona, iombonana amin'ny tontolo iainana ny fankalazana ny JMJ ary izany no antony hanomezana toerana lehibe ny sakramentan'ny fibebahana mandritra ny fankalazana ny JMJ mba hiova tokoa ny fontsika ka hivelomantsika ny maha-Kristianina antsika hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona eo anivon'izao tontolo izao. Hiova ny fanahintsika hanana ny fanahy malemy ka handova ny lanitra.

Tian'i Jesoa ambara fa Andriamanitra tsy miova ary Ray maharitra, hitantsika izany amin'ilay tantaran'ny Ray be fitiavana ao amin'ny Lioka 15, na dia inona nataon'ilay zanaka faralahy tamin'ny fitondran-tenany sy ny fanapotehany ny fananany rehetra, rehefa niverina izy dia hafaliana ny an'ny Rainy rehefa niverina sy nibebaka ny zanaka ka nomen'ny Rainy hasina sy asa sahaza azy.

Aoka isika hananararaotra izao fototana izao mba hihavao tokoa, fotoana hiverenantsika anie izao JMJ izao sy hahatsapantsika fa ao amin'ny Ray no hazahoana ny tena hafaliana, misy ny mbola varimbariana sy feno fialonana tahaka an'ilay zanaka lahimatoa, miantso antsika tokoa Andriamanitra ary mangoraka ho antsika, ka isika ao aminy hamokatra be handova ity tany ity.

Izany koa ny fanoharana momba ny voatsinapy, mety mieritreritra aza isika, toa tsy misy fiovana na dia misy ezaka. Ny tian'Andriamanitra dia ilay ezaka ataontsika na dia kely aza, aoka ny fontsika ho lonaka hiasan'ny fahasoavan'Andriamanitra na dia kely aza tahaka ny voatsinapy dia hitombo tahaka ny mofo asiana lalivay.
Mila ny fahafoizana izany rehetra izany na ny fanoharana momba ny ahi-dratsy na ny voatsinapy dia aoka hahafoy tena isika, aza mandray fotsiny fa hanolotra ihany koa, izany ny finoana velona, mandray isika ary mahafoy. Aoka izany hafatra soa izany no anentana ny fiainantsika fa indrindra amin'izao JMJ izao. Fantaro ry tanora zandry malala, raha tiantsika ho hisy vokany eo amin'ny fiainantsika dia aoka tsy handray fotsiny fa hahafoy koa isika, aoka isika hahafoy fotoana, aoka hahafoy ireo "caprice" ntsika izay mahazatra antsika, hahafoy ho an'i Jesoa isika ka amin'izay araky ny voalazan'i Md Paoly, ny fanahy hanohana ny halementsika.

Mety hanontany tena isika fa tsy mahay mahafoy tena na mivavaka isika ka handany fotoanantsika ny ezaka atao. Fantaro ary hoy Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa, amin'izao Alahady faha 16 mandavantaona mialoha ny JMJ izao ary izay no anaovantsika vavaka totoafo, mety tsy mahay mivavaka isika fa ny fanahy no hanohana antsika, "*ny Fanahy no manohana ny fahalementsika, satria na izay mety angatahintsika aza tsy fantatsika, fa ny Tenan'Izy Fanahy ihany no mangataka amin'ny fitarainana tsy hay lazaina; ary Izy mikaroka ny fo no mahalala izay irîn'ny Fanahy, sy ny fifonany araka an'Andriamanitra ho an'ny olomasina*."

Ny tadiavin'Andriamanitra dia isika hahafoy ho Azy.

Ry Jesoa Tompo ô manakaiky tokoa ity ny fankalazana ny JMJ eto amin'ny diosezinay, mbola maro ny zavatra mifangaro ato am-ponay, ao ny faniriana tsara te-hanao sy te handray andraikitra, te handray an-tànana nefa eo koa ny rendrarendra izay mamatotra anay, enga anie izahay mba hanana fanetrentena ka hanolotena aminao ry Ray, ianao koa ry Ray dia maharitra sy be famindram-po, enga anie mba ho hisy fanapahan-kevitra horaisina izahay amin'izao JMJ izao hanatona anao bebe kokoa ka hiova ny fo amam-panahinay, hanana fahalemem-panahy nampianarinao anay izahay ka handova ny tany, ho karakarainay ity tany ity, ho tany lonaka hiasan'ny fahasoavanao ny fo amam-panahinay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson